FANTARO
TARI-DALANA 5

TETEZANA HO AMIN'NY FIAINANA MAHAFA-PO

Hitan'izy ireo teo akaikin'ny fialofana iray tsy dia zarizary ny taolambalony, tany amin'ny nosy iray mitoka-monina tany Atlantika afovoany. Nihazona firaketana an-tsoratra io lehilahy tantsambo tsy fantatra anarana io, izay nanoratany ny antsipirian'ny efa-bolana niainany tao anatin'ny fahoriambe. Narian'ny sambo Alemàna tany amin'ny nosy antsoina hoe « Ascension » izy tamin'ny taona 1725, noho ny heloka bevava izay tsy voalaza. Tsy ela akory taorian'izany izy dia nanomboka nisotro ràn-tsokatra mba hampitoniana ny hetaheta mafy tao aminy. Mafy aok'izany ny fijaliana ara-batana teo amin'io lehilahy io, kanefa fijaliana mafy noho izany no nivoitra avy ao anatin'ny firaketana an-tsoratra nataony, dia ny fahatsapany ny tenany ho meloka izay tena nandifotra azy tokoa.

Nosoratany tao ny teny mahery vaika toy ny hoe: "Endrey izany alahelo manindrona tsapan'ny mety maty nanao ratsy, izay nandao ny làlan'ny fahamarinana, ary faly mampitombo ny isan'ny voaozona." Ny fitokana-monina lehibe indrindra tsapan'io tantsambo io tany amin'ilay nosy nitoka-monina dia vokatry ny fahatsapany ny fisarahana tamin'Andriamanitra. Voaporofo fa izany no tsy zakany tamin'ny farany.

Efa niady tamin'izany fitokanan'ny fo izany ny olombelona nanomboka tamin'ny andron'i Adama sy Eva, fony izy "niafina an'Andriamanitra tany ambadiky ny hazo tao an-jaridaina" rehefa avy nihinana ilay voankazo voarara (Genesisy 3:8). Nanosika ireo mpivady voalohany ireo handositra an'Andriamanitra rehefa tonga niantso Izy, ny fihetseham-po vaovao hafahafa nifangaro henatra, fahamelohana, ary tahotra. Indrisy fa lasa efa mahazatra antsika amin'izao fotoana izao ireo fihetseham-po ireo.

Inona no mahatonga antsika tafasaraka amin'Andriamanitra?

"Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo; ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo." Isaia 59:2

Tsy Andriamanitra mihitsy no nahary io tevana lehibe mampisaraka Azy amin'ny voary mpanota io. Tsy nandositra an'i Adama sy Eva Andriamanitra, fa izy ireo no nandositra Azy.

1. MANOME FAHAFAHAM-PO HO AN'NY HETAHETANTSIKA MIAFINA

Talohan'ny nanimban'ny fahotana ny endrika mahafinaritra dia nankafizin'i Adama sy Eva ny fiarahana manokana tamin'ny Mpahary azy tao anatin'ny Zaridaina tsara tarehy tokatranon'izy ireo, dia Edena izany. Loza anefa fa lavon'ny laingan'i Satana momba ny fahatongavana ho manam-pahendrena tahaka an'Andriamanitra izy ireo, ary nanapaka ny fatoram-pahatokiana tamin'ilay Mpahary (Genesisy 3).

Rehefa voaroaka tao an-jaridaina tany Edena i Adama sy Eva dia niatrika fiainana mafy kokoa tany ivelany. Lasa misy rà sy hatsembohana ary ranomaso ny fitondrana vohoka sy ny asa-tany ankehitriny. Tapaka ny fatorana akaiky nisy teo amin'izy ireo sy Andriamanitra, tsapany hoe lasa marefo izy manoloana ny faniriana tsy tanteraka sy ny fikasana lalina mankarary tokoa, ao anatin'ny maha-irery vokatry ny fahotana.

Nanomboka tamin’ny fikomiana voalohany nataon’i Adama sy Eva, dia tafiditra tao anatin’izany endrika fahotana izany avokoa ny "rehetra" ary voaheloka ho faty, satria izany no sazy faratampony vokatry ny fahotana.

"Koa izany dia tahaka ny nidiran’ny ota avy tamin’ny olona iray ho amin’izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran’ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra." Romana 5:12

Samy manana hetaheta lalina ao am-po ahazoana indray ny zavatra izay efa verintsika isika, faniriana karazana fiarovana izay tsy misy afaka manome afatsy Andriamanitra irery ihany. Miezaka mitady fahafaham-po ho an’izany hetaheta izany amin’ny alalan’ny fiantsenambe isika matetika, na amin’ny alalan’ny fifaninanana adala hiakarana amin’ny toerana ambony kokoa ao am-piasana, na amin’ny alalan’ny fanamaivanana ny hetahetantsika amin’ny zava-pisotro misy alikaola, zava-mahadomelina, na fijangajangana fotsiny ihany.

Mariky ny maha-irery antsika lavitra an’Andriamanitra anefa izany faniriantsika lalina rehetra izany. Ary tsy misy fanafana afatsy ny fiainana ny fitiavany eo amin’ny fiainantsika.

"… Fa havokisam-pifaliana no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo an-tananao an-kavanana mandrakizay." Salamo 16:11

Rehefa misy tetezana mampifandray eo amin’ilay elanelana misy amintsika sy amin’Andriamanitra, ka afaka handeha amin’ny fanatrehany isika, izay vao tonga ny fahafaham-po tanteraka.

2. MANISY TETEZANA EO AMIN’NY HANTSAN’NY FAHOTANA SY NY FAHAFATESANA

Tsy ny olona ihany no lasa manirery vokatry ny fahotana. Narary ihany koa ny fon’Andriamanitra tamin’ny andro nitodihan’i Adama sy Eva lamosina Azy. Mbola mampitaraina Azy hatrany ny alahelo sy ny fahorian’ny olona. Vonona hanolotra ny zava-miafina iriantsika fatratra Andriamanitra ary hanasitrana ny ratrantsika ara-pihetseham-po. Tsy nionona tamin’ny alalan’ny fijerena tamim-pangorahana fotsiny ihany Izy, teo anatrehan’ny hantsana izay mampisaraka antsika Aminy. Nanapa-kevitra ny ho tonga tetezana teo amin’izany hantsan’ny fahotana sy ny fahafatesana izany mihitsy Andriamanitra.

"Fa toy izao no nitiavan’Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin’izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao." Jaona 3 : 16, 17

Nanolotra ny Zanany Lahy Andriamanitra, ary nanolotra ny fiainany ho sorona noho ny fahotana kosa i Jesosy, ka ny Tenany mihitsy no niharan’ny fanamelohana ho faty. Ny fiainany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin’ny maty no nahatanteraka ny famelan-keloka sy ny famonjena ny mpanota ka tsy nataony tsinontsinona ny fahotana, fa nasehony tamin’izao tontolo izao ny toetran’i Kristy sy Satana. Ny tetezana vita tamin’ny alalan’ny vatan’i Kristy torotoro sy nivoa-drà no nisintona ny olona ho tafavoaka tamin’ny fandriky ny fahotana. Nampifandray ny lafy roa tamin’ny andanin’ilay hantsana ny fitiavana, ka nahafahan’izay rehetra nametraka an’i Kristy ho Tompo sy Mpamonjy hihazo ny làlana ho amin’ny fiainana mandrakizay.

3. ZAVATRA FITO MANAN-DANJA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA AN'I JESOSY

Ireto zavatra fito momba an'i Jesosy ireto dia tsy mba ho hita amin'ny olombelona hafa izay velona teto an-tany mihitsy:

(1) Avy An-Danitra i Jesosy No Nankety An-Tany

Hafiriana no fotoana voalazan'i Jesosy hoe efa nisiany?

"Fony tsy mbola ary Abrahama, dia Izy Aho." (Jaona 8:58)

Nanamarika tamin'izao tontolo izao Andriamanitra hoe "Izy Aho!" Efa nisy hatramin'izay Aho, ary mbola hitoetra ho mandrakizay. Na dia nateraky ny reny olombelona aza i Jesosy (Matio 1: 22, 23), dia Andriamanitra Izy, Andriamanitra tonga nofo.

Niresaka momba ny fahatongavan'i Jesosy ho nofo i Dwight L. Moody, izay Billy Graham tamin'ny taonjato faha-19: "Tena sorona lehibe ho an'i Jesosy mihitsy ny fahatongavana tety an-tany, izay tokony nandry tao anatin'ny fandrian-jaza volafotsy, notezain'ny anjely, ary nofahanana tamin'ny sotro volamena. Saingy tonga kosa ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany, nitafy ny nofo maha-olombelona, ary teraka tao anatin'ny fisokon'ny ray aman-dreny mahantra, tao anatin'ny tontolo tena faran'izay ratsy indrindra."

Izao no nolazain'ny anjely tamin'i Josefa tamin'ny fotoana nahaterahan'i Jesosy:

"Ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany." Matio 1:21

Nidina an-tsitrapo teto amin'ny tontolontsika mba hamonjy antsika amin'ny fahotana sy ny fahafatesana ilay Jesosy izay Mpahary izao tontolo izao (Jaona 1 :1-3, 14).

(2) Niaina Fiainana Tsy Nisy Fahotana i Jesosy

"… Jesosy Zanak'Andriamanitra, … Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota." Hebreo 4 : 14, 15

Nanao zavatra mihoatra noho ny fisintonana antsika hivoaka avy ao amin'ny fiainam-pahotana ho amin'ny fiainana iray mahafa-po kokoa Andriamanitra. Tamin'ny alalan'ny fiainan'i Jesosy tamin'ny maha-Olombelona tety an-tany, no nanehoany fa ny fiainana tsy misy fahotana dia mahasarika lavitra mihoatra noho ny toriteny izay mety ho tsara indrindra.

Nikotrika hevi-dratsy i Satana fahavalon'i Kristy, nandritra ny fiainan'i Jesosy tety an-tany, mba hitaomana Azy hanota. Tany an'efitra no namoahan'ny Devoly ny fakam-panahy nahery vaika indrindra nanoloana ny andraikitr'i Kristy (Matio 4 : 1-11). Talohan'ny nanomboana Azy tany Getsemane ihany koa no niatrehan'i Jesosy fakam-panahy nahery toy izany, ary rà no dinitra nivoaka avy amin'i Jesosy (Lioka 22: 44).

Nijoro ho mahatoky anefa i Kristy teo anatrehan'ny zava-drehetra natsipin'ny Devoly taminy, "tsy nanota anefa Izy." Tsapan'i Jesosy ny ady atrehantsika satria efa nandalo tamin'izany karazan'olana sy fakam-panahy mpahazo ny olombelona izany ihany koa Izy. Vitany ny "miara-mitondra ny fahalementsika" (Hebreo 4:15).

Inona no antony nilàn'i Jesosy niaina fiainana tsy misy fahotana?

"Izay tsy mahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy kosa isika." II Korintiana 5: 21

Nandresy ny fakam-panahy i Jesosy ary niaina fiainana tsy misy fahotana, mba hamindrany izany amintsika ho takalon'ny fiainam-pahotantsika fahiny.

(3) Maty Hitondra ny Fahotana i Jesosy

Firy ny olona nanota?

"Fa samy efa nanota avokoa izy REHETRA ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra." Romana 3: 23

Inona no sazy vokatry ny fahotana?

"Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika." Romana 6: 23

Inona no antony nahafatesan'i Jesosy?

"Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay MANAISOTRA NY FAHOTAN'izao tontolo izao." Jaona 1: 29

Samy efa nanota isika rehetra ary mendrika ho faty mandrakizay, kanefa maty teo amin'ny toerantsika i Jesosy. Tonga "ota ho antsika" Izy. Izy no nandray ny fahamelohana ho faty izay mendrika ho antsika. Ny fahafatesany dia fanomezana, "ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika." (Romana 6: 23)

Natolotr'i Jesosy ho fanomezam-pitiavana ho antsika ny fiainany tonga lafatra sy marina. Fitiavana mihoatra noho izay takatry ny olombelona izy io. Ary noho ny fahafatesany no "nahazoantsika fihavanana amin'Andriamanitra." (Romana 5: 1)

(4) Nitsangana Tamin'ny Maty i Jesosy

Tsy ny fahafatesan'i Jesosy teo an-kazo fijaliana akory no faran'ny tantarany tena niavaka. Tsy nety mantsy raha hoe nitoetra tao amin'ny fahafatesana ihany Izy kanefa hamonjy antsika.

"Ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ary mbola ao amin'ny fahotanareo ihany ianareo; dia very koa izay efa nodimandry ao amin'i Kristy." I Korintiana 15: 17, 18

Nitondra foto-pampianarana lehibe misy fahamarinana teto amin'izao tontolo izao i Mahometa sy Buddha. Nanova ny fiainan'ny olona an-tapitrisany izy ireo, kanefa tsy nanana hery tsy hita maso namerenana ny maty ho amin'ny fiainana indray izy ireo, satria na dia ny tenany aza dia samy mbola mitoetra ao amin'ny fasany ihany ankehitriny.

Koa satria nitsangana avy ao am-pasana tamin'ny andro fahatelo taorian'ny fahafatesany i Jesosy, dia inona no fampanantenana tsy maintsy ho tanterany amintsika?

"Satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo." Jaona 14: 19

Velona Jesosy! Koa satria Izy nandresy ny fahafatesana, dia afaka manafaka antsika amin'ny fahafatesana ihany koa ary manolotra fiainana izay sady feno no mandrakizay. Ho velona ao am-pontsika Izy raha toa ka manasa Azy hiditra ao isika. Eo hatrany ilay Kristy izay nitsangana tamin'ny maty, hanolotra izay rehetra ilaintsika isan'andro.

"Ary indro Izaho momba anareo mandrakariva, ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao." Matio 28: 20

Ny lehilahy sy vehivavy manerana izao tontolo izao dia mizara ny tantara momba ny nanafahan'i Kristy azy ireny tamin'ny fatorana ratsy indrindra sy ny ratra ara-pihetseham-po nangeja azy.

Izao teny fankasitrahana izao no nosoratan’ny iray tamin’ny mpianatray taloha tao anatin’ny taratasy fitsapam-pahaizany: "Mpisotro zava-pisotro misy alikaola aho fahiny. Rehefa mamo aho indray andro dia nahita karatra kely fanasana handray anjara amin’ity fianarana Baibolinareo ity tao anatin’ny fantsona fandehanan’ny rano maloto. Noraisiko ilay izy, nofenoiko, ary nandray ny tena fahalalana marina an’i Kristy voalohany teo amin’ny fiainako aho. Taoriana kelin’ny nanombohako io fandalinana ara-Baiboly io no nanolorako ny foko ho an’Andriamanitra ary tsy tsaroako intsony hatramin’ny tsiron’ny ‘Whisky."

Rehefa nifehy ny fiainan’io lehilahy io i Jesosy dia nisy hery vaovao nomeny azy handreseny ny fatorana teo aminy. Koa satria Mpamonjy nitsangana tamin’ny maty i Kristy, dia afaka mamonjy izay rehetra tonga mitady fanampiana Aminy Izy.

(5) Niakatra Tany An-Danitra i Jesosy

Izao no teny fikasana nomen’i Jesosy ireo mpanara-dia Azy talohan’ny niverenany tany amin’ny Ray taorian’ny nitsanganany:

"Aza malahelo ny fonareo; minoa an’Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon’ny Raiko misy fitoerana maro;… Fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary … ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ka izay itoerako no itoeranareo koa." Jaona 14: 1-3

(6) Manao Asa Fanompoana Amin’ny Maha-Mpisorona Any An-Danitra i Jesosy

Miezaka manomana antsika ho mendrika an’ilay toerana any an-danitra hatrany i Jesosy.

"Koa amin’izany dia miendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin’ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin’Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona. Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin’ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy iray alaim-panahy koa Izy." Hebreo 2: 17-18

Tonga teto amin’ity tontolontsika ity i Jesosy mba "hanao fanavotana ho an’ny fahotan’ny olona," ary hamonjy antsika ho afaka amin’ny fahorian’ny fanandevozan’ny fahotana. Maty hamonjy antsika Izy, mba hamongorany tanteraka ny fototry ny fahotana, ny fahoriana, ary ny fahafatesana, tamin’ny alalan’ny famotehana ny Devoly.

I Jesosy izay Mpisoronabentsika dia "tonga tahaka ny rahalahiny tamin’ny lafiny rehetra." Mijoro ho Mpanelanelana antsika eo anatrehan’ny Ray mandrakariva Izy ankehitriny. Ilay Jesosy izay nitso-drano ny ankizy, nanafaka ilay vehivavy azo nijangajanga, ary namela ny fahotan’ilay jiolahy efa ho faty teo an-kazo fijaliana, no miasa any an-danitra ankehitriny, mangataka izay rehetra ilaintsika "ho fanampiana ireo alaim-panahy."

(5) Hiverina Indray i Jesosy

Inona no fampanantenana nomen’i Jesosy talohan’ny niverenany tany an-danitra?

"Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia HO AVY INDRAY ka handray anareo ho any Amiko, ka izay itoerako no itoeranareo koa." Jaona 14: 3

Rehefa hiverina indray i Jesosy dia hanafaka antsika amin’ny fahotana, aretina, loza, ary fahafatesana izay mandrakotra ity planeta ity. Hiarahaba antsika tongasoa ao amin’ilay tontolo vaovao misy fahasambarana sy fiainana mandrakizay Izy.

4. FITIAVANA TSY MIOVA

Indro ny tantaran’ny mariazy iray namboarina tany Taiwan, teo amin’i U Long sy tovovavy iray antsoina hoe Golden Flower. Nisafoaka sy kiriko i U Long rehefa nanokatra ny voaly tamin’ilay nampakariny tao anatin’ny fiaraha-mifaly. Feno holatry ny nendram-boalavo ny tarehin’ilay tovovavy.

Tsy niraika firy tamin’ny vadiny intsony i U Long taorian’izany. Niezaka nanao ny tsara indrindra vitany ilay tovovavy mba hampifaliana ny vadiny; niasa mafy izy tao an-trano, nanantena hoe hanaiky azy ihany ny vadiny amin’ny farany. Saingy nangatsiaka hatrany ralehilahy teo anatrehan’ny fanehoam-pitiavana rehetra nasehony.

Rehefa feno 12 taona io mariazy sarintsariny fotsiny ihany io dia nanomboka niha-very ny fahitan’i U Long tamin’ny masony roa. Nisy mpitsabo nilaza taminy hoe ho jamba tanteraka izy raha toa ka tsy soloina ny "cornée" (ampahany manify mandrakotra ny faritra miloko mainty amin’ny maso, ety ivelany) eo amin’ny masony. Lafo be anefa io fandidiana io ary marobe ny olona miandry ao anaty lisitra.

Nanomboka niasa tao anatin’ny ora maro i Golden Flower isan-kalina ary nanao satro-tsihy mba ahazoana vola fanampiny. Ren’i U Long indray andro hoe nisy "cornée" an’olona azo ampiasaina taorian’ny lozam-pifamoivoizana iray. Nihazakazaka haingana tany amin’ilay hopitaly izy mba hodidiana.

Rehefa niverina tamin’ny laoniny ny fahitany dia tsy an-tsitrapo akory no nanapahany hevitra hihaona amin’ny vadiny mba hisaorany azy tamin’ny fanangonam-bola. Rehefa natrakan’i U Long ny tarehin’i Golden Flower vadiny mba hijereny azy dia nisento lalina i U Long. Nibanjina azy ravehivavy, tsy mahita, miaraka amin’ny maso foana, tsy misy "cornée" intsony. Saron’ny fihetseham-po i U Long, nirotsa-dranomaso teo an-tongotry ny vadiny ary nifokofoko nitomany. Tamin’io indrindra no fotoana voalohany niantsoany ny anaram-badiny hoe: Golden Flower.

Maniry hifandray amin’ireo izay nanalavitra Azy nandritra ny fotoana naharitra ihany koa i Jesosy. Tsy andriny izay hiantsoantsika ny anarany hoe Mpamonjy antsika. Vonona hanao sorona Izy, tsy ny masony ihany, fa ny Tenany iray manontolo mihitsy, ho fanehoana ny fitiavany tsy miova. Mahery aok’izany ny fitiavany ka dia "tonga hamonjy ny mpanota teto amin’izao tontolo izao mihitsy" i Kristy (I Timoty 1: 15).

Ny sorona lehibe nataon’i Kristy no namorona tetezana izay naka ny toeran’ny fihatahantsika, ary mandrakotra ny maha-mpivahiny antsika. Efa tsapanao manokana ve fa maniry hitarika anao ho afaka amin’ilay hantsana Izy mba hiantorahanao eny an-tsandriny? Irianao ve ny hamaly am-bavaka manao hoe: "Jesosy ô, tiako Ianao. Misaotra Anao aho noho ny sorona lehibe nataonao. Mitoera ato am-poko ary vonjeo aho ankehitriny, vonjeo ny amiko iray manontolo, vonjeo tanteraka aho, vonjeo mandrakizay aho"?

I JESOSY DIA

- **TONGA** amin’ny maha-Andriamanitra mitafy nofo Azy.
- **NIAINA** fiainana tsy nisy fahotana mba hisolo ny toerantsika.
- **MATY** noho ny fahotantsika.
- **NITSANGANA TAMIN’NY MATY** mba hanafahana antsika amin’ny fahafatesana.
- **NIAKATRA ANY AN-DANITRA** mba hanomana fitoerana ho antsika.
- **MANAO ASA FISORONANA** isan’andro amin’ny maha-Mpisoronabentsika Azy.

- **HO AVY TSY HO ELA** handray antsika ho any Aminy mandrakizay.

FITSAPAM-PAHAIZANA 5

TETEZANA HO AMIN'NY FIAINANA MAHAFA-PO

Ny laharan'ny fanontaniana tsirairay avy ato anatin'ny taratasy fitsapam-pahaizana dia mitovy amin'ny laharan'ny fizaràna tsirairay ao anatin'ny "**Tari-Dalana Fantaro 5**", ary ao no ahitana ny valiny.

Vakio indray ny fizaràna ao amin'ny "**Tari-Dalana Fantaro 5**" araka ny tarehimarika eo amin'ny sisiny havia; ary mariho **X** manoloana ny fanambaràna marina.

1.
   - Nahatonga fisarahana tamin'Andriamanitra ny fahotana.
   - Tonga tamin'ny rehetra ny fahafatesana vokatry ny fahotana.
   - Amin'ny alalan'ny fikatsahana ny fanatrehan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika no hanomezantsika fahafaham-po ny hetahetan'ny fo vokatry ny fahotana.

2.
   - Tonga handoa ny onitry ny fanamelohana ho faty noho ny fahotantsika i Jesosy, hanisy tetezana eo amin'ny hantsana manelanelana antsika amin'Andriamanitra, ary hanome antsika fiainana mandrakizay.

Mariho **X** manoloana ny fanambaràna izay afaka hanohizana ireto fehezanteny manaraka ireto:

3. Tonga teto amin'izao tontolontsika izao i Jesosy
   - Amin'ny maha-Andriamanitra Azy, izay efa nisy hatrizay, hamonjy antsika amin'ny fahotantsika.
   - Amin'ny maha-Mpahary antsika, voatery nanao izany Izy satria nahary antsika.

   Niaina teto amin'ity tontolontsika ity i Jesosy
   - Tao anatin'ny fiainana tsy nisy ota mba hisoloany ny toerantsika.
   - Tao anatin'ny fiainana tonga lafatra na dia nalain'i Satana fanahy hanota aza Izy.

   Maty i Jesosy
   - Noho ny fahotan'ny olon-drehetra teto amin'izao tontolo izao.
   - Noho ny fahotan'ny olo-marina ihany.

   Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo i Jesosy
   - Tahaka an'i Mahometa sy Buddha.
   - Mba hanomezany antsika fiainam-baovao.

   Niakatra any an-danitra i Jesosy

- Mba hanomana toerana ho antsika any an-danitra.
- Ary tsy ho hitantsika intsony.

Ho avy tsy ho ela i Jesosy; manao asa fisoronana isan'andro amin'ny maha-Mpisoronabentsika Izy ankehitriny

- Hanafaka antsika amin'ny fanandevozan'ny fahotana.
- Amin'ny alalan'ny fanolorana biby atao sorona hanafaka antsika amin'ny fahotana.

FANONTANIANA HOSAINTSAININA: Koa satria efa nanao zavatra be ho antsika i Jesosy ary mbola hanao mihoatra noho izany, dia manaiky Azy ve ny fonao amin'ny alalan'ny fangatahana Azy hamela ny helokao ary hitoetra ao am-ponao sady hamonjy anao?

_____
_____
_____
_____
_____

Anarana:
_____

Adiresy:
_____

Telefaonina:
_____